

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**  
**Tanindrazana - Fahafahana - Fahamarinana**

**PRESIDENCE DE LA REPUBLIQUE  
DE MADAGASCAR**

**LOI n° 93-004  
PORTANT ORGANISATION ET FONCTIONNEMENT DE  
L'ASSEMBLEE NATIONALE**

L'Assemblée nationale a adopté,

Le Président de la République, Vu la décision N° 03-HCC/D.3 du  
promulgue la loi dont la teneur suit:

19 janvier 1994,

**TITRE PREMIER  
DES MEMBRES DE L'ASEEMBLEE NATIONALE**

**Article premier-** L'Assemblée Nationale et le Sénat forment le Parlement et Constituent le pouvoir législatif de la République de Madagascar.

**CHAPITRE PREMIER  
DU SIEGE-DE LA SECURITE**

**Art.2-**L'Assemblée Nationale siège à Antananarivo.

**Art.3-**Lorsque le Parlement est réuni en congrès, d'un commun accord entre le Bureau de l'Assemblée Nationale et le bureau du Sénat, Les locaux de l'Assemblée Nationale ou tout autre local approprié lui sont affectés.

**Art.4-**Le Président de l'Assemblée Nationale est chargé de veiller à la sécurité intérieure et extérieure de l'Assemblée.

Il peut à des effets requérir les forces de l'ordre et toutes les autorités dont il juge le concours nécessaire.

Cette réquisition peut être adressée directement à tous les officiers et fonctionnaires qui sont tenus d'y déférer immédiatement, sous les peines prévues par la loi.

**Art.5-**Il est interdit d'apporter directement des pétitions à la tribune de l'Assemblée Nationale.

Le règlement de l'Assemblée Nationale fixera les conditions dans lesquelles les pétitions écrites pourront lui être présentées.

Toute infraction aux dispositions des alinéas qui précèdent toute provocation par des discours proférés publiquement ou par des écrits, imprimés ou affiches distribués à un

rassemblement sur la voie publique ayant pour objet la discussion rédaction ou l'apport à l'Assemblée Nationale de pétitions, déclarations ou adresses, que la provocation ait été ou non suivre des faits sera punie d'un emprisonnement de quinze jours à six mois.

Il n'est en rien dérogé par les présentes dispositions aux textes en vigueur sur les attroupements.

## **CHAPITRE II DU STATUT DES DÉPUTÉS**

**Art.6-**Les Députés sont élus au suffrage universel direct pour un mandat de quatre ans. Ils portent le titre de députés de Madagascar.

Ce mandat est général, représentatif et irrévocable.

Le droit de vote des députés est personnel. Il ne peut faire l'objet d'une délégation.

**Art.7-**Le mandat de député, fonction publique élective, est incompatible avec l'exercice d'autres fonctions ou mandats tels que définis à l'article 67 de la constitution et aux articles 15 et suivants de l'ordonnance modifiée n° 93-007 du 24 mars 1993 relative à l'élection des députés à l'Assemblée nationale.

**Art.8-**Aux termes de l'article 69 de la constitution, les députés bénéficient des garanties qui portent le nom d'immunités parlementaires et qui sont de deux ordres: l'irresponsabilité parlementaire et l'inviolabilité parlementaire.

**Art.9-**En vertu de l'article 69 alinéa 1er, le député n'est responsable ni civilement ni pénalement des opinions ou votes émis ou discours prononcés par lui à l'Assemblée Nationale. Il ne peut être poursuivi, recherché, arrêté, détenu ou jugé pour ces faits.

**Art.10-**Pendant la durée des sessions, et sauf le cas de flagrant délit tout député ne peut, par ailleurs être poursuivi ou arrêté pour une infraction criminelle ou la majorité absolue des membres composant l'Assemblée Nationale.

La procédure de levée d'immunité parlementaire est déterminée par le règlement intérieur de l'Assemblée Nationale.

**Art.11-**En dehors des périodes des sessions, tout député ne peut être arrêté qu'avec l'autorisation du bureau de l'Assemblée, sauf le cas de flagrant délit de poursuites autoriser ou de condamnation définitive. Mais les poursuites peuvent être déclenchées même sans levée préalable d'immunité, l'autorisation du bureau n'était requise que pour l'arrestation.

**Art.12-**L'immunité ne protège pas les députés qui commettent des contraventions de simple police.

**Art.13-**Il est constitué chaque année, pour la demande éventuelle de levée de l'immunité parlementaire d'un député ou de suspension de poursuite déjà engagée contre lui une commission. Les conditions et modalités de mise en œuvre de la levée de l'immunité parlementaire d'un député sont définies dans le règlement intérieur.

**Art.14-**Les modalités d'applications des articles 10 à 13 ci-dessus sont déterminées par le règlement intérieur.

**Art.15-**Les députés perçoivent des indemnités dont le taux sera fixe par la loi en application de l'article 42 de la constitution.

**Art.16-**Tout député peut être frappé de sanctions disciplinaires prévues par le règlement intérieur qui détermine les faits passibles de sanctions.

**Art.17-**Conformément à l'article 69, alinéa 3, de la constitution, tout individu peut devant l'Assemblée Nationale, mettre en cause les carences ou agissements d'un député, le bureau permanent devant y apporter une réponse diligente.

Les modalités d'application du présent article sont fixées par le règlement intérieur.

### **CHAPITRE III DE LA STRUCTURE DE L'ASSEMBLEE NATIONALE**

**Art.18-**La structure interne de l'Assemblée Nationale comprend :

- l'ASSEMBLÉE plénière, qui est composée de tous les députés ;
- le bureau permanent, qui comprend le Président de l'Assemblée Nationale et les membres du bureau permanent.

Ils sont élus au débat de la première session pour la durée de la législature. Toutefois ils peuvent être remplacés pour motifs graves par un vote des deux tiers des députés :

- les commissions ;
- les groupes parlementaires ;
- la conférence des présidents.

**Art 19-**L'Assemblée plénière est composée par l'ensemble des députés siégeant en séance publique, à moins que le gouvernement ou le quart des membres de l'Assemblée ne demande le huis clos.

**Art.20-**Le Bureau Permanent est composé :

- du Président de l'Assemblée Nationale ;
- des Vices Présidents ;
- des Questeurs,dont le nombre est fixé par le règlement intérieur.

**Art.21-**Il peut être institué au sein de l'Assemblée Nationale des commissions générales chargées de l'examen préalable des projets et propositions de loi. Leur dénomination, leur nombre, leur composition de loi. Leur dénomination, leur nombre, leur composition et les modalités d'élection de leurs membres sont fixés par le règlement intérieur.

**Art.22-**Une commission mixte paritaire est réunie dans les conditions prévues à l'article 86, alinéa 3 de la constitution et selon les modalités prévues par le règlement intérieur.

**Art 23-**Il peut être créé des groupes parlementaires au sein de l'Assemblée Nationale, leur

composition et leurs prérogatives sont fixées par le règlement intérieur.

**Art.24**-La conférence de Présidents dont les attributions sont fixées par le règlement intérieur comprend :

- le Président de l'Assemblée Nationale, Président ;
- les membres du Bureau Permanent ;
- le Président ou le Vice-Président ou le Rapporteur de chacune des commissions générales ;
- le Rapporteur général de la commission des Finances ;
- les présidents de groupes ou leurs délégués.

**Art.25**-Le règlement intérieur de l'Assemblée Nationale fixe la composition et le mode de désignation des groupes de parlementaires, les membres des commission chargées de l'examen préalable des projets et propositions de loi, ainsi que les règles de leur fonctionnement.

**Art.26**-Outre les commissions mentionnées à l'article précédent, il peut être créé des commissions d'enquête régies par les dispositions ci-dessous.

Les commissions d'enquête sont formées pour recueillir des éléments d'information sur des faits déterminés et soumettre leurs conclusions à l'Assemblée.

Il ne peut être créé de commission d'enquête lorsque les faits ont donné lieu à des poursuites judiciaires et aussi longtemps que ces poursuites sont en cours.

Les membres des commissions d'enquête sont désignés dans les conditions fixées par le règlement de l'Assemblée. Les commissions d'enquête ont un caractère temporaire. Leur mission prend fin par le dépôt de leur rapport. Elles ne peuvent être reconstituées avec le même objet avant l'expiration d'un délai de douze mois à compter de la fin de leur mission

Tous les membres des commissions d'enquête ainsi que ceux qui, à un titre quelconque, assistent ou participent à l'article 378 du Code Pénal sont applicables aux membres de ces commissions d'enquête.

L'Assemblée peut, sur proposition de son Président ou de la commission, décider par un vote spécial la publication de tout ou partie du rapport d'une commission d'enquête.

Seront punis des peines de l'article 378 du Code Pénal ceux qui publient ou divulguent une information relative aux travaux, aux délibérations, aux actes et aux rapports non publiés des commissions d'enquête.

**Art.28**-Il est constitué chaque année une commission pour la demande éventuelle de levée de l'immunité parlementaire d'un député. Les conditions et modalités de mise en œuvre de la levée de l'immunité parlementaire d'un député sont définies dans le règlement intérieur.

## **TITRE II DES REUNIONS DE L'ASSEMBLEE NATIONALE ET DE LA PROCEDURE LEGISLATIVE**

### **CHAPITRE I**

## DES SESSIONS

**Art.29**-L'Assemblée Nationale ne siège pas en permanence.

Elle se réunit pendant les sessions prévues par les articles 71,72 et 73 de la constitution.

L'Assemblée Nationale se réunit de plein droit en deux sessions ordinaires par an, sur convocation du Président de l'Assemblée Nationale. La durée de chaque session ne peut ni être inférieure à soixante jours, ni supérieure à quatre-vingt-dix jours. La première session commence le premier mardi de mai et la seconde, consacrée principalement à l'adoption de la loi de finances, le dernier mardi de septembre.

La clôture de la session peut intervenir une fois que celle-ci a duré le temps minimum prévu; le est décidée par l'Assemblée elle-même.

**Art.30**-L'Assemblée Nationale est réunie en session extraordinaire, sur un ordre du jour déterminé, à l'initiative du président de la République par décret pris en conseil des Ministres, ou sur convocation de son Président à la demande du tiers de ses membres.

La durée de la session ne peut excéder douze jours.

Toutefois un décret de clôture intervient dès que l'Assemblée Nationale a épousé l'ordre du jour pour lequel elle a été convoquée.

**Art.31**-La nouvelle Assemblée Nationale se réunit de plein droit en session spéciale, le deuxième mardi qui suit la proclamation des résultats de son élection, pour procéder à la constitution de son bureau et au choix du nouveau Premier Ministre. La session est close après l'investiture ou la nomination du nouveau Premier Ministre.

## CHAPITRE II DE L'INITIATIVE DES LOIS-DES AMENDEMENTS

**Art.32**-L'initiative des lois appartient concurremment au Premier Ministre et aux Parlementaires.

**Art.33**-Le droit d'initiative des lois appartient concurremment aux conditions suivantes:

1) Les oppositions de loi et amendements formulés par les Parlementaires sont portées à la connaissance du Gouvernement lequel dispose d'un délai de trente jours pour formuler ses observations.

A l'expiration de ce délai, le Parlement procède à l'examen des propositions ou amendements en vue de leur adoption.

2) Ne sont pas recevables les propositions ou amendements lors que leur adoption aura pour conséquence soit la diminution des ressources publiques .Soit l'aggravation des charges de l'Etat sauf en matière de loi de finances.

3) Le Gouvernement peut soulever l'irrecevabilité d'une proposition ou d'un amendement sortant du domaine de la loi. En cas de désaccord entre le Gouvernement et l'Assemblée Nationale ou le Sénat, la Cour Constitutionnelle, à la demande de l'une ou l'autre Assemblée, statue dans un

délai de huit jours.

4) Le programme des travaux de l'Assemblée Nationale comporte par priorité et dans l'ordre que le Gouvernement a fixé, la discussion des projets de loi déposés par le Premier Ministre.

### **CHAPITRE III DES TRAVAUX DE L'ASSEMBLEE NATIONALE**

**Art 34**-Les modalités de la procédure générale et des procédures spéciales d'examen des projets et propositions de lois ordinaires, des projets de lois de finances ainsi que des projets ou propositions de révision de la Constitution sont fixées par le Règlement Intérieur.

L'Assemblée Nationale est libre de fixer l'ordre du jour sous réserve des dispositions des articles 72 et 85 de la Constitution.

**Art 35** - Les séances de l'Assemblée Nationale sont publiques.

Il en est tenu procès-verbal dont la publicité est assurée dans les conditions prévues par la Loi.

L'Assemblée Nationale siège à huis clos à la demande du Gouvernement ou du quart de ses membres Il en est dressé Procès-verbal qui doit être publié dans les conditions fixées par les Règlement Intérieur

**Art 36**-Les modalités du nouvel examen des projets et des propositions de loi ainsi que celles relatives à un nouvel examen des lois ou de certains articles sur demande de Président de la République, en application de l'article 57, alinéa 2 de la Constitution sont fixées par le Règlement Intérieur

### **TITRE III DES RAPPORTS DE L'ASSEMBLEE NATIONALE AVEC LES AUTRES INSTITUTIONS**

**Art 38** - Conformément à l'article 89 de la Constitution, le Président de la République communique avec le Parlement par un message.

Ce message ne donne lieu a aucun débat.

**Art 39** - Lorsque la loi est adoptée par l'Assemblée Nationale, le Président de cette Institution la transmet au Président de la République aux fins de promulgation dans le délai de quinze jours.

Le délai peut être réduit à cinq jours en cas d'urgence déclarée par l'Assemblée Nationale conformément à l'alinéa premier enfin de l'article 57 de la Constitution.

**Art 40** L'Assemblée Nationale peut être dissoute par décret en conseil des Ministres dans les conditions prévues à l'article 95 de la Constitution.

**Art 41**-L'Assemblée Nationale contrôle le respect des règles déontologiques qui sont

particulières aux magistrats ainsi que les agissements du personnel de la justice.

## **TITRE IV DE L'ADMINISTRATION DE LA GESTION FINANCIERE ET ADMINISTRATIVE DE L'ASSEMBLEE NATIONALE**

### **CHAPITRE I DE L'ADMINISTRATION**

**Art 42**-Le Président de l'Assemblée Nationale et le chef de l'administration de cette institution .Assisté des Vice Présidents qui le suppléant en tant que de besoin ainsi que les questeurs, il assure la direction de l'Assemblée et son administration générale.

### **CHAPITRE II DE LA GESTION FINANCIERE**

**Art 43**-L'Assemblée Nationale jouit de l'autonomie financière.

Les crédits nécessaires au fonctionnement de l'Assemblée Nationale font l'objet de propositions préparées par le bureau de l'Assemblée en collaboration avec le Ministre des Finances.

Ce budget est arrêté en conseil de Gouvernement et incorporé au projet de loi de finances. Un rapport explicatif établit par le bureau y est annexé

**Art.44**-Le Président de l'Assemblé Nationale est ordonnateur de crédits. Il peut toutefois déléguer ses pouvoirs dans les conditions prévues au règlement intérieur.

Un arrêté du Président détermine les conditions et les modalités d'administration des crédits conformément aux principes et règles de la comptabilité publique.

Les dépenses afférentes au fonctionnement de l'Assemblée feront l'objet d'un engagement après visa du contrôle des dépenses engagées dont l'intervention ne peut porter que sur la régularité.

### **CHAPITRE III DE LA GESTION ADMINISTRATIVE**

**Art.45**-Un arrêté du président fixe l'organisation, l'organisme et les attributions des services, y compris celles des cabinets des membres du bureau permanent.

**Art.46**-Un arrêté du Président porte statut autonome du personnel.

Les conditions de recrutement, la grille de solde ; le taux des indemnités et les différents accessoires sur aux agents de l'Assemblée Nationale sont alignés sur ceux de la fonction publique. Toutefois, le personnel de l'Assemblée Nationale bénéficie d'avantages spécifiques compte tenu des sujétions inhérentes à ses attributions.

## **TITRE V DE LA RESPONSABILITE DE l'Etat**

**Art 47**-L'Etat en responsable des dommages de toute nature causés par les services de l'Assemblée Nationale.

Les actions en responsabilité sont portées devant les juridictions compétentes

Dans les instances ci-dessus visées, l'Etat est représenté par le Président de l'Assemblée Nationale ou son représentant

## **TITRE VI DES MOYENS D'INFORMATION ET D'ACTION DE L'ASSEMBLEE NATIONALE SUR LE GOUVERNEMENT**

### **CHAPITRE PREMIER DES MOYENS D'INFORMATION**

**Art 48**-Conformément à l'article 92 de la Constitutionnelle Gouvernement présente à l'Assemblée Nationale un rapport annuel d'exécution de son programme à la première session ordinaire. La présentation sera suivie d'un débat.

**Art.49**-Les autres moyens d'information du Parlement à l'égard de l'action gouvernementale sont : la question orale, la question écrite, l'interpellation, la commission d'enquête

### **CHAPITRE II DES MOYENS D'ACTION**

**Art.50** - Le Premier Ministre, après délibération du Gouvernement, peut engager la responsabilité de son Gouvernement en posant la question de confiance

Le vote ne peut avoir lieu que quarante-huit heures après le dépôt de la question. S'il est mis en minorité par les deux- tiers des membres composant l'Assemblée, le Gouvernement remet sa démission au Président de la République.

Un nouveau Premier Ministre est choisi par l'Assemblée Nationale dans les conditions prévues à l'article 90 de la Constitution.

**Art. 51**-L'Assemblée Nationale peut mettre en cause la responsabilité du Gouvernement par la motion de censure.

Une telle motion n'est recevable que si elle est signée par le cinquième au moins des membres composant l'Assemblée Nationale. Le vote ne peut avoir lieu que quarante-huit heures après le dépôt de la motion.

La motion n'est adoptée que si elle est votée à la majorité absolue des membres composant l'Assemblée Nationale.

Si la motion est adoptée, le Gouvernement remet sa démission au Président de la République. Il sera procédé au choix d'un nouveau Premier Ministre dans les conditions prévues à l'article 90 de la Constitution.

## **TITRE VII DISPOSITIONS DIVERSES**

**Art 52-** Les personnalités à présenter par l'Assemblée Nationale conformément à la Constitution ainsi que ses différents représentants prévus par les textes en vigueur sont élus en assemblée plénière à la majorité absolue des députés.

**Art 53-** Le montant, les conditions et les modalités d'attribution des indemnités allouées aux députés ainsi que les règles applicables au remboursement leurs frais de transport sont fixés par une loi.

L'Assemblée vote pour ses membres une indemnité forfaitaire annuelle pour frais de représentation ainsi qu'une dotation maxima pour le fonctionnement de leur cabinet.

**Art 54** L'indemnité de fonction est payable mensuellement sur sa base annuelle à tous les députés qui prennent part régulièrement aux travaux de l'Assemblée.

**Art 55**-Un arrêté du Président de l'Assemblée Nationale, annexé au Règlement Intérieur, détermine les conditions et les modalités d'administration des crédits conformément aux principes des règles de la comptabilité publique.

Un arrêté du Président annexé au Règlement Intérieur, porte application du statut particulier du Personnel de l'Assemblée Nationale.

Les taux des diverses indemnités et les différents accessoires servis aux agents de l'Assemblée Nationale sont fixés par arrêté du Président de l'Assemblée Nationale.

Un arrêté du Président fixe l'organisation, l'organigramme et les attributions des services de l'Assemblée Nationale ainsi que le règlement du Personnel.

**Art 56** - La correspondance des députés, dans l'exercice direct et exclusif de leur mandat, bénéficie de la franchise postale.

**Art 57-** l'Etat met à la disposition de l'Assemblée Nationale les locaux nécessaires pour abriter les sessions ainsi que ses services.

L'Etat met à la disposition de chaque membre de l'Assemblée Nationale, un local pour lui servir de bureau dans son Fivondronana.

**Art. 58**-Toutes les autres modalités d'organisation et de fonctionnement de l'Assemblée Nationale sont réglées lors des dispositions particulières du règlement intérieur.

## **TITRE VIII DISPOSITION FINALES**

**Art 59** - L'Assemblée Nationale exerce la plénitude du pouvoir législatif jusqu'à la mise en place du Sénat, conformément aux dispositions de l'article 145 de la Constitution.

**Art 60** - Toutes dispositions contraires à la présente Loi sont abrogées.

**Art 61** - La présente Loi sera publiée au Journal Officiel de la République de Madagascar.

Elle sera exécutée comme Loi de l'Etat.

**Antananarivo, le 21 janvier 1994**

**LE PRESIDENT DE LA REPUBLIQUE**

**ZAFY Albert**

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**  
***Tanindrazana- Fahafahana- Fahamarinana***

**.FIADIDIANA NY REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**

**LALANA LAHARANA FAHA-93-OO4**  
**MOMBA NY FANDAMINANA SY NY FAMPANDEHANA**  
**NY ANTENIMIERAMPIRENENA**

Nolanian'ny Antenimierampirenena ary avoakan'ny Filohan'ny Repoblika hanan-kery, rehefa hita ny fanapahana laharana faha-O3-HCC/D.3 tamin'ny 19 january 1994, izao lalàna manaraka izao :

**FIZARANA VOALOHANY**

**NY AMIN'IREEO MPIKAMBANA AO AMIN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA**

**Andininy voalohany** -Ny Antenimierampirenena sy ny Antenimierandoholona no mitambatra ho Parlemanta ka manana ny fahefana fanaovan-dalàna eto amin'ny Repoblikan'i Madagasikara.

**TOKO VOALOHANY**  
**NY AMIN'NY TOERANA SY NY FILAMINANA**

**And. 2-** Antananarivo no foiben-toeranan'ny Antenimierampirenena

**And. 3-** Ny trano fiasan'ny Antenimierampirenena na ny trano hafa azo ivoriana no ampiasain'ny parlemanta rehefa niara-nifampidinika ny mpikambana rehetra araka ny fifanarahana nifanaovan'ny Biraon'ny Antenimieram-pirenena sy ny Biraon'ny Antenimieran-doholona.

**And. 4-** Ny filohan'ny Antenimieram-pirenena no mitandro ny filaminana anatiny sy ivelan'ny Antenimiera.

Azony atao araka izany ny mampaka ny mpitondra ny herim-panjakana sy ireo manam-pahefana rehetra heveriny fa ilaina ny fandraisany anjara amin'izany.Izany fiantsoana izany dia azony alefa mivantana amin'ny manam-boninahitra sy ny mpiasam-panjakana rehetra izay tsy maintsy mankato eo no ho eo, raha tsy izany dia iharan'ny sazy voalazan'ny Lalàna.

**And. 5-**Rarana ny mitondra mivantana ny fitakiana eo amn'ny sehatry ny Antenimierampirenena.

Ny fitsipika an-tokantranon'ny Antenimierampirenena no mametra ny fombafomba ahazoana manolotra azy ireny fitakiana ireny.

Hofaizina dimy ambin'ny folo andro ka hatramin'ny enim-bolana an-tranomaizina rehefa mety ho fandikana ireo fepetran'ny andalana etsy aloha,na ho fihantsiana atao amin'ny alalan'ny kabary ampahibemaso na an-tsoratra na amin'ny alalan'ny taratasy vita pirinty na fametraka amin'ny rindrina ka zaraina eny amin'ny fivoriana an-dalambe ka ny kendrena amin'izany dia ny hisian'ny

adihevitra,ny andaharana an-tSORATRA na ny hitondrana fitakiana,fanambarana na an-taratasy any amin'ny Antenimierampirenena na nitarika fisehoan-javatra hafa izany na tsia.

Tsy mampiato ny fampiharana ny rijan-teny manan-kery momba ny fivorivoriana eny an-kalamanjana izao fepetra izao.

## **TOKO II** **NY AMIN'NY SATA MMIFEHY NY SOLOMBAVAMBAHOAKA**

**And.6-**Latsabato mivantana ataon'ny daholobe no hifidianana ny solombavambahoaka hiasa mandritra nyefa-taona.Solombavambahoakan'i Madagasikara no anarana entiny.

Mahasahana ny lafiny rehera, manana endrim-pisoloan-tena ary tsy azo ialana izany asa iandraiketany izany.

Zo manokan'ny Solombavambahoaka ny latsabato ataony ka tsy azon anomezam-pahefana olon-kafa.

**And. 7-**Ny asan'ny Solombavambahoaka,amin'ny maha asan'ny olom-boafidy azy dia tsy azo ampirafesina amin'ny andraikitra na raharaha hafa araka ny fepetra voalazan'ny andininy faha 67 ao amin'ny Lalàm-panorenana sy ny andininy faha 15 sy ny manaraka ao amin'ny hitsivola na nasiam-panovana laharana faha 93-007 tamin'ny 24 marsa 1993 mikasika ny fifidianana Solombavambahoaka ao amin'ny Antenimierampirenena.

**And. 8-**Araka ny volazan'ny andininy faha 69 ao amin'ny Lalàm-panorenana,ny Solombavambahoaka dia manana ireo antoka antsoina hoe zo tsy mahafaty manota izay misy roa karazana:ny tsy fahazoana mampiditra andraikitra ilay Solombavambahoaka ary ny tsy fahazoana manenjika azy avy hatrany.

**And. 9-**Tsy tompon'andraikitra na ara-pitondran-tena na ara-keloka amin'ny hevitra aposany na safidy ataony na ny kabary tononiny ao amin'ny Antenimieram-pirenena ny Solombavambahoaka araka ny voalazany ao amin'io andininy faha 69, andalana voalohany io.

Tsy azo torina na enkjechina na samborina na ampidirina am-ponja na tsaraina izy noho ireo zavatra nataony ireo.

**And. 10-**Tsy misy Solombavambahoaka azo enjehina na samborina mandritra ny fotoam-pivoriana noho ny heloka bevava na heloka tsotra nataony, ankoatra ny nahatratrarana ambodiomby azy raha tsy neken'ny antsasa-manilan'ny mpikambana ao amin'ny Antenimieram-pirenena.

Ny fitsipika an-tokantranon'ny Antenimierampirenena no mamaritra ny paika arahina hanesorana ny zo tsy mahafaty manota.

**And. 11-**Ivelan'ny fotoam-pivoriana dia tsy misy Solombavambahoaka azo samborina raha tsy nahazoan-dalana avy amin'ny Biraon'ny Antenimiera izany afa-tsy raha tratra ambodiomby izy na fanenjehana nahazoan-dalana na koa fanamelohana raikitra. Nefa azo atomboka ny fanenjehana na dia tsy nesorina mialoha aza io zo io satria ny fisamborana ihany no nahazoana alalana avy amin'ny Birao.

**And. 12-**Tsy miaro ny Solombavambahoaka amin'ny heloka madinika natao io zo io.

**And. 13-**Vaomiera iray no atsangana isan-taona handray izay mety ho fangatahana ny fanalana ny zo tsy mahafaty manota amin'ny Solombavambahoaka na ny fampiatoana ny fanenjehana efa nantomboka.

Ny fitsipika an-tokantrano no mamaritra ny fepetra sy ny fombafomba fampiharana ny fanesorana ny zo tsy mahafaty manota ny Solombavambahoaka.

**And. 14-**Ny fitsipika an-tokantrano no mamerita ny fombafomba fampiharana ny andininy faha 10 ka hatramin'ny faha 13 etsy ambony.

**And. 15-**Mandray tamby ny Solombavambahoaka ka ny lalàna,ho fampiharana ny andininy faha 42 ao amin'ny Lalam-panorenana no hametra ny habetsahany.

**And. 16-**Azo ampiharina amin'ny Solombavambahoaka ny famaizana ara-pitsipika an-tokantrano izay mamaritra ireo fahadisoana mendrika ho saziana.

**And. 17-**Araka ny voalazan'ny andininy faha 69, andalana faha 4 ao amin'ny Lalàm-panorenana,ny tsirairay avy dia afaka manao fitarainana any amin'ny Birao Maharitra momba ny tsy fahavitan'ny Solombavambahoaka iray ny asa nankinina taminy na momba ny fihetsika tsy mety nataony.Tsy maintsy manome valiny haingana momba izany ny Birao maharitra.Ny fitsipika an-tokantrano no mamaritra ny fombafomba fampiharana izao andininy izao .

### **TOKO III NY AMIN'NY RAFITRY NY ANTENIMIERAM-PIRENENA**

**And. 18-**

Fidina eo am-piandohan'ny fotoam-pivoriania voalohany hiasana mandritra ny fe-potoana fanaovan-dalàna izy ireo.Na izany aza azo soloina noho ny antony lehibe aaùin'ny alalan'ny safidin'ny androantokon'ny Solombavambahoaka izy ireo :

- ny vaomiera ;
- ny vondrona parlemantera ;
- ny favorian'ny Filohan'ny Antenimieram-pirenena sy ny Filohan'ny vaomiera.

**And. 19-**Ny Solombavambahoaka rehetra izay miatrika ny favoriana azon'ny besinimaro atrehina no antsoina hoe fivoriambe afa tsy raha angatahin'ny Governemanta na ny ampahefetry ny Solombavambahoaka ao amin'ny Antenimiera ny hanaovana favoriana tsy ampahibemaso.

**And. 20-**Ny Birao Maharitra dia misy :

- ny Filohan'ny Antenimierampirenena ;
- ireo Filoha Lefitra ;
- ireo Kestora.

feran'ny fitsipika na-tokantrano ny isan'izy ireo.

**And. 21-**Azo atao ny manangana ao amin'ny Antenimieram-pirenena ireo vaomiera

maharitra handinika mialoha ny volavolan-dalàna na tolo-dalàna. ny fitsipika an-tokantrano no hametra ny anarana fiantsoana azy, ny isany, ny mpikambana ary ny fombafomba ifidianana ny Solombavambahoaka ao aminy.

**And. 22-**Azo atao ny mamory vaomiera ikambanana isasahana araka ny fepetra voatondron'ny andininy faha 86, andalana faha 3 ao amin'ny Lalàm-panorenana sy ny fombafomba voalazan'ny fitsipika an-tokantrano.

**And. 23-**Azo atsangana ao anatin'ny Antenimieram-pirenena ny vondrona Parlemantera.Ny fitsipika an-tokantrano no hamaritra izay ho ao anatiny sy ny fahefany.

**And.24-**Ny fitsipika an-tokatrano no hamaritra ny anjara asan'ny fivoran'ny Filohan'ny Antenimiera sy ny Filohan'ny Vaomiera izay ahitana :

- ny Filohan'ny Antenimieram-pirenena Filoha ;
- ny mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra ;
- ny filoha na ny Filoha Lefitra na ny mpampakateny eo amin'ny vaomiera maharitra ;sirairay,
- ny tonian'ny mpampakateny ao amin'ny vaomieran'ny fitantanam-bola ;
- ny Filohan'ny vondrona na ny solontenany.

**And.25-**Ny fitsipika an-tokantranon'ny Antenimierampirenena no mameatra izay ho mpikambana sy ny fomba hanendrena ny vondrona parlemantera.

Ny mpikambana ao amin'ny vaomiera no handinika mialoha ny Volavolan-dalàna sy ny tolo-dalàna ary ny fomba fiasany.

**And.26-**Ankoatra ireo vaomiera voalaza eo amin'ny andininy etsy aloha, dia azo atsangana ny vaomiera mpanao famotorana voalazan'ny fepetra eto ambany.

Atsangana ny vaomiera mpanao famotorana mba hanangana izay ilaina ho fantatra mikasika ny toe-javatra voafaritra sy hanlotra ny fehinteniny any amin'ny Antenimiera.

Tsy azo atao ny manangana vaomiera mpanao famotorana rehefa miakatra fitsarana ilay raharaha ary na ho ela toa inona aza ny fizotry ny fanenjehana.

**And.27-**Araka ny fepetra voafaritry ny fitsipika an-tokatrano'ny Antenimiera no anendrena ny mpikambana ao amin'ny vaomiera mpanao famotorana.

Tsy natao haharitra ny vaomiera mpanao famotorana. Mifarana hatreo amin'ny nametrahany ny tatitra nataony ny asany. Tsy azo atao ny manangana azy indray hanao asa mitovy alohan'ny hahataperan'ny fe-potoana roa ambin'ny folo volana nanomboka tamin'ny niafaran'ny asany.

Ny mpikambana rehetra ao amin'ny vaomiera mpanao famotorana ary koa ireo olona nanampy azy na nandray anjara tamin'ny asany na inona na inona endrik'izany, dia voadidy hitana ny tsiambaratelo. Ampiharina ao amin'ny mpikambana ao amin'ireny vaomiera ireny ny famaizana voatondron'ny andininy faha-378 eo amin'ny Fehezan-dalàna famaizana.

Manapa-kevitra amin'ny alalan'ny latsabato manokana ny Antenimiera, araka ny tolokevitra naroson'ny Filohany na ny vaomiera fa avoaka ho fantatry ny be sy ny maro ny manontolo na ny ampahan'ny tatitra nataon'ny vaomiera mpanao famotorana.

Iharan'ny sazy voalazan'ny andininy faha-378 ao amin'ny Fehezan-dalàna famaizana izay manaparitaka na mamoaka ny vokatry ny asa, ny fanapahan-kevitra, ny taratasy ary ny tatifra tsy havoaka ho fantatry ny be sy ny maro nataon'ny vaomiera mpanao famotorana.

**And.28-**Atsangana isan-taona ny vaomiera handinika izay mety ho fangatahana fanalana amin'ny Solombavambahoaka iray ny zo tsy mahafaty manota azy. Ny Fitsipika an-tokatrano no mamaritra ny fepetra sy ny fomba arahina amin'ny fanalana ny zo tsy mahafaty manota ananan'ny Solombavambahoaka.

## **FIZARANA II NY FIVORIAN'NY ANTENIMIERAM-PIRENENA SY NY PAIKA ARAHINA AMIN'NY FANAOVAN-DALANA**

### **TOKO VOALOHANY NY AMIN'NY FOTOAM-PIVORIANA**

**And.29-**Tsy miasa mandava-taona ny Antenimierampirenena.

Mandritra ny fotoana voatondron'ny andininy faha 71, 72 ary faha-74 ao amin'ny lalampanorenana no ivorany.

Mivory aram-potoana tsy misy fepetra indroa isan-taona, araka ny fiantsoana alefan'ny Filohan'ny Antenimierampirenena. Tsy ho latsaky ny enimpolo andro ary tsy hohoatra ny sivifolo andro ny faharetan'ny fotoam-pivoriana iray. Manomboka ny talata voalohany amin'ny volana mey ny fotoam-pivoriana voalohany ary ny talata farany amin'ny volana septambra kosa ny fotoam-pivoriana faharoa izay atokana indrindra handaniana ny lalana itantanana ny volam-panjakana.

Azo faranana ny fotoam-pivoriana raha vao feno ilay fe-potoana kely indrindra voatondro ; ny Antenimiera ihany no manapaka izany.

**And.30-**Ny Filohan'ny Repoblika amin'ny alalan'ny didim-panjakana raisina amin'ny filankevity ny Minisitra, sy ny Filohan'ny Antenimieram-pirenena amin'ny alalan'ny fiantsoana, vokatry ny fangatahan'ny ampahatelon'ny mpikambana, dia samy mahazo mangataka favoriana tsy ara-potoana ataon'ny Antenimierampirenena araka ny fandahara-draharaha voafetra.

Tsy mihoatra ny roa ambin'ny folo andro ny fotoam-pivoriana. Na izany aza, raha vantany vao tapitra nodinihin'ny Antenimieram-pirenena ny fandaharan-draharaha niantsoana azy, dia faranana amin'ny didim-panjakana ny favoriana.

**And.31-** Ny Antenimierampirenena vaovao dia mivory tsy ara-potoana tsy misy fepetra, ny Talata faharoa manaraka ny fanambarana ny vokatry ny fifidianana azy mba hanangana ny biraony sy hifidy ny Praiminisitra vaovao. Tsy mifarana ny favoriana raha tsy efa nankatoaviny na voatendrin ny Praiminisitra vaovao.

### **TOKO FAHA II NY AMIN'NY FANOLORANA LALANA - NY SOSO-KEVITRA**

**And.32-**Samy manam-pahefana hanolotra lalana ny Praiminisitra sy ny Parlementera.

**And.33-**Arahina fepetra toy izao manaraka izao ny zo hananan'ny Solombavambahoaka

hanolotra lalana.

1) Ny Tolo-dalàna sy ny soso-kevitra atolotry ny Parlementera dia ampahalalaina ny Governemanta izay manome ny fanamarihany ao anatin'ny telopolo andro.

Rehefa tapitra izany fe-potoana izany dia miroso amin'ny fandinihana ny tolo-dalàna sy ny soso-kevitra ny Antenimiera mba handaniana azy.

2) Tsy azo raisina izy ireny raha miteraka fampihenana ny fampidiram-bolam-panjakana na fampitomboana ny vola mivoaka amin'ny Fanjakana no vokatry ny fandaniana azy, afa-tsy ny mikasika ny Lalàna mifehy ny fitantanam-bola.

3) Afaka manambara ny tsy fahazoana mandray ny tolo-dalana sy ny soso-kevitra ny Governemanta raha tsapany fa tsy tafiditra amin'io faritra fehezin'ny lalana izy ireny. Raha misy tsy fifanarahana eo amin'ny Governemanta sy ny Antenimieram-pirenena na ny Antenimieran-doholona momba izany, dia namoaka didy ao anatin'ny valo andro ny Fitsarana momba ny lalamporenana raha mangataka izany ny iray amin'ireo.

4) Ny fandaharan'asan'ny Antenimierampirenena dia ahitana fiadian-kevitra momba ny volavolan-dalana natolotry ny Praiminisitra, araka ny laharam-pahamehana sy ny filaharana notapahin'ny Governemanta.

#### **TOKO IV NY AMIN'NY ASAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA**

**And.34-**Ny fitsipika an-tokatrano no mamaritra ny fombafomba arahina amin'ny paika ankapobe sy ny paika manokana amin'ny fandinihana ny volavolan-dalàna na tolo-dalana tsotra, ny volavolan-dalàna itantanana ny volam-panjakana ary koa ny volavolan-dalàna na tolo-dalàna anitsiana ny lalàmporenana.

Manana fahalalana hametra ny fandaharam-potoana ny Antenimieram-pirenena saingy hajaina ny fepetra voalazan'ny andininy faha-72 sy faha-85 ao amin'ny Lalàm-panorenana.

**And.35**Ampahibemaso ny fivoran'ny Antenimieram-pirenena raha toa ka anaovana fitanana an-tsoratra izay havoaka ho fantatry ny besinimaro araka ny fepetra voalazan'ny lalàna.

Mivory tsy ampahibemaso ny Antenimieram-pirenena raha toa ka angatahin'ny Governemanta na ny ampahefatty ny mpikambana ao aminy. Anaovana fitanana an-tsoratra izay havoaka ho fantatry ny besinimaro araka ny fepetra faritan'ny Fitsipika an-tokatrano izany.

**And.36-** Ho fampiharana ny andininy faha-52, andalana faha-2 ao amin'ny Lalàmporenana dia ny Fitsipika an-tokatrano no hamaritra ny fepetra andinohana indray ny volavolan-dalàna sy ny tolo-dalàna ary koa izay andinohana indray ny lalàna na andininy sasantsasany araka ny fangatahan'ny Filohan'ny Repoblika.

#### **TOKO IV NY AMIN'NY FOMBA FANDATSAHAM-BATO**

**And.37-**Zo manokan'ny mpikambana tsirairay ao amin'ny Antenimieram-pirenena ny mandatsa-bato.

Ny fitsipika an-tokatrano no mamaritra ny fizotry ny adihevitra sy ny fepetra mikasika ny fomba fandatsaham-bato.

Ankoatra ireo fepetra mifanohitra voalazan'ny lalam-panorenana dia ny fitsipika an-tokantrano koa no mamaritra ny ampaham-bato ilaina ny fetran'isa takiana mba hampanan-kery ny adihevitra sy ny latsabato.

### **FIZARANA III NY FIFANDRAISAN'NY ANTENIMIERAM-PIRENENA AMIN'NY ANDRIM-PANJAKANA HAFA**

**And.38-**Amin'ny alalàn'ny fanambarana no hifandrais'an'ny Filohan'ny Repoblika sy ny Parlemanta, araka ny voalazan'ny andininy faha-89 amin'ny Lalàmpanorenana.

Tsy arahina adihevitra izany fanambarana izany.

**And.39-**Rehefa nolanian'ny Antenimieram-pirenena ny lalàna dia alefan'ny Filohan'io andrim-panjakana io eny amin'ny Filohan'ny Repoblika izay manome fe-potoana dimy ambin'ny folo andro hamoaka azy hanan-kery.

Azo afohezina dimy andro izany fe-potoana izany raha misy amehana ambaran'ny Antenimieram-pirenena araka ny voalaza eo amin'ny faran'ny andalana voalohan'ny andininy faha-57 ao amin'ny Lalàmpanorenana.

**And.40-**Azo atao ny mandrava ny Antenimieram-pirenena amin'ny alalàn'ny didim-panjakana natao teo am-pivoran'ny Minisitra araka ny fepetra voatondron'ny andininy faha-95 amin'ny Lalàmpanorenana.

**And.41-**Manara-maso ny fanajana ny fitsipika manokana ifampitondran'ny samy mpitsara ary koa ny fihetsika ataon'ny mpiasan'ny fitsarana ny Antenimierampirenena.

**FIZARANA IV**  
**NY AMIN'NY FITONDRA-N-DRAHARAHA, NY FITANTANANA ARA-BOLA**  
**SY NY ARA-PITONDRA-NA AO AMIN'NY ANTENIMIERAM-PIRENENA**

**TOKO I**  
**NY AMIN'NY FITONDRA-N-DRAHARAHA**

**And.42-**Ny Filohan'ny Antenimierampirenena no lehiben'ny fitondrana ao amin'io andrim-panjakana io. Izy no mitarika ny Antenimierampirenena sy ny fitondram-panjakana ankapobeny ; manampy na misolo azy raha misy ilàna izany ny filoha lefitra sy ny Kestora.

**TOKO II**  
**NY AMIN'NY FITANTANANA ARA-BOLA**

**And.43-**Mizaka-tena ara-pitantanam-bola ny Antenimierampirenena.

Avy amin'ny vinavina niarahan'ny biraon'ny Antenimiera sy ny Minisitry ny fitantanam-bolam-panjakana nanomana no amerana ny sora-bola ilaina amin'ny fampandehanana ny Antenimierampirenena.

Didim-pitondrana ataon'ny filankevity ny Governemanta ary atambatra amin'ny Volavolan-dalàna itantana ny volam-panjakana no mametra izany teti-bola izany. Ampiharina amin'izany ny tatitra fanazavana ataon'ny birao.

**And.44-**Ny Filoha no mpanome alalana ny famoaham-bolan'ny Antenimiera. Azo afindra anefa izany fahefana izany araka ny fepetra voalazan'ny fitsipika an-tokantrano.

Didim-pitondrana ataon'ny Filoha no mamaritra ny fepetra sy ny fombafombam-pitantanana ny sora-bola araka ny foto-kevitra ny fitsipiky ny fitanana kaontim-bolam-panjakana.

Ilaina ny fanekem-pahefana voamarin'ny sampana mpanara-maso ny fandanium-bola izay tsy mijery afa tsy ny lafiny ara-dalana ireo fandaniana amin'ny fampandehanan-draharaha atao ny Antenimiera

**TOKO III**  
**NY AMIN'NY FITANTANANA ARA-PITONDRA-NA**

**And.45-**Didim-pitondrana ataon'ny Filoha no mamaritra ny fandaminana ny rafipandaminana ary ny andraikity ny sampa-draharaha ka ao anatin'izany ny an'ny kabinetran'ireo mpikambana ao amin'ny birao maharitra.

**And.46-**Didim-pitondrana ataon'ny Filoha no manohitra ny sata manokana mifehy ny mpiasa.

Atao mitovy tantana amin'ny an'ireo any amin'ny asam-panjakana ny fomba fandraisana ny mpiasa, ny ambaratonga-karama, ny habetsahana sy ny karazan-tamby omena ny mpiasan'ny Antenimierampirenena. Na izany aza, mahazo tombotsoa manokana ny mpiasan'ny

Antenimierampirenena noho ireo adidy zary tandra vadin-koditry ny andraikiny.

#### **TOKO IV NY AMIN'NY ANDRAIKITRY NY FANJAKANA**

**And.47-**Ny Fanjakana no tompon'andraikitra amin'izay rehetra karazam-pahavoazana ateraky ny fitondran-draharahan'ny Antenimierampirenena.

Aroso eo anatrehan'ny fitsarana mahefa ny fitoriana ny tompon'andraikitra.

Ny Filohan'ny Antenimierampirenena na ny solontenany no misolo tena ny Antenimierampirenena amin'ireo sehatra voalaza eo ambony ireo.

#### **FIZARANA VI NY AMIN'IREO FOMBA AHAZOAN'NY ANTENIMIERAM-PIRENENA FANAZAVANA SY MANARA-MASO NY GOVERNEMANTA**

#### **TOKO I NY AMIN'IREO FOMBA AHAZOANA FANAZAVANA**

**And.48-**Eo amin'ny fivoriana ara-potoana voalohany, araka ny voalazan'ny andininy faha-92 amin'ny lalam-panorenana, no anoloran'ny Governemanta amin'ny Antenimierampirenena ny tatitra momba ny fanatanterahany ny fandaharan'asany. Arahin' adihevitra izany fanolorana izany.

**And.49-**Ireto ny fomba hafa ampiasain'ny Parlemanta hahalalany ny asa sahanin'ny Governemanta ny fanontaniana am-bava sy ny fanontaniana an-tsoratra, ny fanadihadihana ary ny vaomiera mpanao famotorana.

#### **TOKO II NY AMIN'IREO FOMBA AHAZOANA MANARA-MASO**

**And. 50** - Rehefa niara-nanapa-kevitra tamin'ny Governemanta ny Praiminisitra dia azony atamby andraikitra ny Governemanta amin'ny fametrahana fangataham-pitokisana.

Tsy azo atao ny mandatsa-bato raha tsy afaka valo amby efapolo ora aorian'ny nametrahany ny fangataham-pitokisana. Raha toa ka ny androatokon'ny mpikambana ao amin'ny Antenimierampirenena no mitsipaka ny fangataham-pitokisana dia mametraka ny fialany amin'ny Filohan'ny Repoblika ny Governemanta.

Mifidy Praiminisitra vaovao indray ny Antenimierampirenena araka ny fepetra tondroin'ny andininy faha-90 amin'ny Lalamporenana.

**And.51** Azon'ny Antenimieram-pirenena atao ny maneho tsy fankasitrahana ny Governemanta amin'ny alalan'ny latsabato fitsipaham-pitokisana.

Tsy azo raisina ny fehin-kevitra toy izany raha tsy ny iray ampahadimin'ny mpikambana ao amin'ny Antenimieram-pirenena farafahakeliny no manao sonia izany. Valo amby efapolo ora aorian'ny nandrosoana ny tolo-kevitra hotapahina vao azo atao ny latsabato.

Tsy lany ny tolo-kevitra raha tsy ny antsasa-manilan'ny mpikambana ao amin'ny Antenimieram-pirenena no mahalany azy.

Raha lany izany fitsipaham-pitokisana izany dia manolotra ny fialany amin'ny Filohan'ny Repoblika ny Governementa. Hisy fifidianana Praiminisitra vaovao araka ny fepetra voalazan'ny andininy faha-90 amin'ny Lalàmpanorenana.

## FIZARANA VII

### FEPETRA SAMIHAFA

**And.52.-**Fidin'ny\_antsasa-manilan'ny Solombavambahoaka eo amin'ny fivoriam-be ny olo-manan-kaja hisolo tena ny Antenimierampirenena araka ny volazan'ny Lalàmpanorenana, sy ireo solontena samihafa voalazan'ny rijan-teny manan-kery.

**And. 53.-**Ny Lalàna no mameatra ny habetsahana, ny fepetra ary ny fombafomba anomezana ny tamby omena ny Solombavambahoaka ary koa ny fitsipika ampiarahina anorenana aminy ny saram-pitaterana naloany.

Ny Antenimierampirenena no mandany ny tamby raikitra isan-taona omena ny mpikambana ao amin'ny saram-pisoloan-tena ary koa ny vola ho fampandehanana ny kabinetrary.

**And 54.-**Omena tambin'asa isam-bolana ferana avy amin'ny fototra isan-taona ny solombavambahoaka rehetra mandray anjara ara-dalana amin'ny asan'ny Antenimiera.

**And.55.-**Fitsipi-pitondrana ataon'ny Filohan'ny Antenimierampirenena, atovana amin'ny fitsipika an-tokantrano no mamaritra ny fepetra sy ny fomba fitantanana ny sora-bola araka ny fitsipika arahana amin'ny fitantanana kaontim-bolam-panjakana

Didim-pitondrana ataon'ny Filoha atovana amin'ny fitsipika an-tokantrano no ampiharana ny sata manokana mifehy ny mpiasan'ny Antenimierampirenena.

Didim-pitondrana ataon'ny Filohan'ny Antenimierampirenena no amerana ny habetsahan'ny tamby sy kojakoja samihafa omena ny mpiasan'ny Antenimierampirenena.

Didim-pitondrana omena ny mpiasan'ny Antenimierampirenena ataon'ny Filohan'ny Antenimierampirenena no mameatra ny fandaminana, ny andraikitra sy ny sampan-draharaha ary koa ny fitsipi-pifehezana ny mpiasan'ny Antenimierampirenena.

**And.56.-**Tsy andoavana hajia ny taratasy alefan'ny Solombavambahoaka eo amin'ny fanatantehanana mivantana sy manokana ny asany.

**And.57.-**Ny fanjakana no miantoka ny trano ilain'ny Antenimierampirenena hivoriany sy hiasan'ny sampan-draharaha ao aminy.

Ny fanjakana no miantoka ho an'ny mpikambana tsirairay ao amin'ny Antenimierampirenena hataony birao ao amin'ny Fivondronana misy azy.

**And.58.**-Fepetra manokana eo amin'ny fitsipika an-tokantrano no mandrindra ny fombafombam-pandaminana sy fampandehanan-draharaha rehetra ao amin'ny Antenimiarampirenena.

## FIZARANA VIII

### FEPETRA FAMARANANA

**And.59.**-Mandra-pijoroan'ny Antenimieran-doholona dia ny Antenimierampirenena no misahana ny fahefana feno eo amin'ny fanovan-dalàna araka ny voalazan'ny andininy faha-145 amin'ny Lalàmporenana.

**And.60.**-Foana ny fepetra rehetra mifanohitra amin'izao Lalàna izao.

**And.61.**Avoaka amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblikan'i Madagasikara izao Lalàna izao.

Ho tanterahina izany ho Lalàm-panjakana.

Antananarivo,faha.....

**NY FILOHAN'NY REPOBLIKA,**

**ZAFY ALBERT.**